MIHARI
MItantana HArena andRanomasina avy eny Ifotony

Arovy ireo mpitantana harena andranomasina avy eny ifotony !

Fanambarana

Antananarivo, 9 Desambra 2021

Izahay, mpikambana ato amin'ny tambazotra MIHARI, tambazotra nasionaly ny vondron'olona mpitantana eny ifotony ny harena andranomasina sy morontsiraka na LMMA (Lamina enti-mitantana ny Morontsiraka sy ny andranomasina), dia manao fanairana mba hanamafisana ny fiarovana ny zo sy ny ain'ireo mpisehatra ary ireo mahery fo amin'ny fiarovana ny harena andranomasina sy morontsiraka avy eny ifotony eto Madagasikara.

Fampahatsiahivana ny zava-misy : Niharan'ny herisetra noho ny fiarovana ala honko

Nanatanteraka voly honko faobe ny solontenan'ny fokonolona tao Mahalogny, Commune Rurale Ankatafa, District Ambanja, Faritra Diana, ny 29 Novambra 2021. Noho ny tsy fahampian'ny zanaka honko novolena dia niverina nanangona zanaka honko ny solontenam-pokonolona vatan-dehilahy miisa sivy (09) ny 30 Novambra maraina. Rehefa voahangona ny zanaka honko dia niala sasatra teo amin'ny toerana iray malalaka izy ireo ary nahita fatana fanamboarana arina na "charbon" honko mbola mirehitra. Tampoka teo dia tonga nanantona ny solontenam-pokonolona ireo tompon'ny fatana, miisa dimy (05) lahy, ka avy hatrany dia nanao teny mahery sy nandratra tsy misy indra-fo ireto farany tamin'ny antsy lava (saboa) sy zava-maranitra.

Vokany :

-mpanaramaso honko iray, i KOTO Nindrina Nomenjanahary Edmond, antsoina hoe "Edmond" naratra mafy nahiditra hopitaly. Ahiana mafy ny ain'i KOTO Nindrina Nomenjanahary Edmond hatreto. Nodidiana noho ny ratra nahazo teo amin'ny lamosiny sy ny tarehiny izy.

-Misy namany iray hafa kosa naratra eo amin'ny tongony noho ny toraka nahazo azy ary

Afaka nitsoaka ny naman'izy ireo fito (07) hafa.

Efa misy ny fandraisan’andraikitra nataon’ny ny manam-pehafana isan’ambaratongany any an-toerana nijery ifotony ny zava-nitranga sy nifampidinika tamin’ny tompon’andraikitra ary ny fokonolona an-tanàna tao Mahalogny. Isaoranay etoana ny fifanomezan-tanana sy ny fifarimbonan’ny mpiantsehitra maro noho izao loza mitranga izao.

Ampitomboy ny fanamafisana ny fiarovana ny ain’ireo mpiaro ny ala honko sy ny harena andranomasina avy eny ifotony

Mampanahy anay ity toe-draharaha ity, izay tsy vao voalohany, taorian'ny raharaha Attoumany Alily sy ireo hafa. Raha tsiahivina, dia namoy ny ainy I tompokolahy Attoumany, tamin’ny jolay 2016, tany Antsahampano, Commune Rurale Ambanja, District Antsiranana II, Région Diana, noho ny vono sy ratra nahazo azy teo am-panatanterahana ny asa fiarovana ala honko nataony.

Manaitra ny tompon’andraikitra izahay mba tsy hisy intsony ny tranga toy izao. Melohinay tanteraka ny tsy mataho-tody mampihatra herisetra manoloana ny asa masina ataon’ny mpiaro sy mpitantana ny harena voajanahary eny ifotony.

Ny LMMA na Lamina enti-mitantana ny Morontsiraka sy ny andranomasina dia hery iray manampy ny fampitomboana ny faritra misy fitantanana maharitra eto Madagasikara. Mandray anjara mivantana amin’ny fitantana lovainjafy ny harena voajanahary ny vondron’olona ifitony mpikambana anaty tambazotra MIHARI.

-Manamafy ny fanairana izahay ary mangataka ny hijerena sy hanarahan'ireo tompon'andraikitra isa-tsokajiny ity raharaha ity ka hanamelohana sy hampiharana ny sazy sahaza amin'ireo nahavanon-doza, araka ny lalàna velona eto Madagasikara.

-Manao antso avo amin'ny manam-pahefana isan-tokony eo anivon'ny fanjakana izahay mba hiarovana ny ain’ny vondron’olona izay manao izay ho afany ho fitantanana maharitra ny harena voajanahary. Ny fisian’ny fandriam-pahalemana dia antoka iray hampandrosoana ny eny ifotony sy ny firenena iray manontolo.

-Mangataka ny fanohanana avy amin’ireo hery velona rehetra misy izahay mba hampiroboroboana ny fitantanana ny harena voajanahary avy eny ifotony. Adidy aman'andraikitry ny tsirairay izany.

Ny tambazotra MIHARI

Raha te hifandray aminay : communication@mihari-network.org